

# Jesoalvelona Ao Amin 'i Maria

Association Marie Reine des Coeurs

No. 26 - Jona 2020



## COVID-19

Manao ahoana ny fomba hanomezana indray ny  
Fiombonana Eokaristika an'ireo mpino ?

Ny amehana pastoraly lehibe ho an'ny  
Fiangonana ao amin'ny « dingana 2 »



« VALIO NOHO NY HABEN'NY HAMORAM-PONAO AHO,  
ANDRIAMANITRA Ô »

## « Valio noho ny haben'ny hamoram-ponao aho, Andriamanitra ô »

Par Pierrette MALIGNÉ

### SALAMO 68 (69)

Fiv./ *Valio noho ny haben'ny hamoram-ponao aho, Andriamanitra ô.*

Noho ianao no ilonjoako latsa  
sy mahasafo-kenatra ny tavako  
ka olon-kafa amin'ny zanak'ineny aho  
sy vahiny amin'ireo rahalahiko.

Ny fahasaro-piaroko ny tranonao  
no maharîtra ny aiko ;  
ny latsan'ny mpandatsa anao  
no miantefa amiko.

Fa izaho mivavaka aminao, ry Tompo!  
Iantrao aho, ry Andriamanitra;  
Valio fa be fitiavana lanao,  
fa marina ny vonjinao.  
Valio aho fa soa ny fitiavanao,  
Todiho fa be ny hatsaram-ponao.  
Ny ory mahita ka faly :  
Veloma ny aina, ry mpitady ny Tompo.

Fa mihaino ny mahamantra Andriamanitra  
ny babo tsy hainy hamavoina.  
Hidera Azy ny tany sy ny lanitra,  
ny ranomasina sy izay velona ao.





Ireto andinininy vitsivitsy amin'ny salamo faha 68 ireto no hatolotry ny litorjian'ny Fiagonana antsika amin'ny alahady faha 12 mandavantaona.

Anisan'ireo salamo fitalahoana amin'Andriamanitra izy ary afaka ahitàna fizarana 3:

1) Fitarainana; 2) Vavaka; 3) Fisaorana an'Andriamanitra.

Izy no salamo voatonona matetika indrindra ao amin'ny Testamenta Vaovao, ary i Jesoa ihany koa dia manonona azy ao amin'ny Jn15, 25.

Ao amin'ny taratasy nosoratany ho an'ny Romanina ao amin'ny toko VIII dia miteny sahala amin'io koa i Paoly.

Misy andalàna mifanaraka amin'ny tsirairay amin'ireo fizarana ireo azontsika atolotra .

1. Ny antso vonjy : mitoreo amin'Andriamanitra ny fijaliany ny mpanoratra ny salamo, mijaly tsy aradrariny izy, ary mijaly noho Andriamanitra. Sahala amin'ny hoe ako amin'ny mahazo an'i Jeremia ao amin'ny vakiteny voalohany. Azontsika tsiahivana koa ny tantaran'i Joba, ilay mpanompo nitondra fijaliana ao amin'ny bokin'Izaia. Ny mistery mifono ny fanaovana tsinontsinona ny rariny eo amin'izao tontolo izao no tena voakendry eto : azo apetraka ao ny sarin'ireo olo-marina nohelohina, tahaka an'i Jesoa eo amin'ny hazofijaliana ; mety ho izay vavaka ataon'ireo marary koa anefa, ireo mampalahelo, ireo mahantra sy ireo novesaram-pahoriana izay tena maro an'isa ankehitriny.

Ny olo-marina dia main'ny fitiavana hanompo an'Andriamanitra sy ny mpiara-belona aminy fa izany fitiavana izany anefa dia mitondra azy amin'ny fahaverezany.



2. Tsy zakan'ny olo-marina intsony ny zavatra iainany fa tsy mikomy anefa izy, mitalaho famindram-po izy ary manantena ny fitiavan'Andriamanitra sy ny halemem-panahiny, tsy mba voahozongozona ny fahatokisany. Tsy herisetra na valy faty akory no fara-teniny, mametra-tena amin'Andriamanitra izy.

3. Fisaorana manoloana an'ilay fanantenany no ataony ary mahatoky ny famonjena avy Aminy izy. Tsy miandry izay fiasan'Andriamanitra akory izy satria tsy misy ahiahy mandrahona ny finoany, ary iriany atambatra miaraka amin'ny fiderany ireo rehetra niharitra fahafaham-baraka, ireo novesaram-pahorianana. Tsia, aza manary toky ; ny diso fanantenana no manjary mpanambitamby ireo manetry tena, ireo rehetra mitady an'Andriamanitra, ireo rehetra novesaram-pahorianana. Tiany aseho fa tsy manadino ny Azy Andriamanitra.

Fomba fivavahana azo raisina ity salamo ity ary afaka manampy antsika hivavaka fa tsy tokony adino anefa ny mametraka ireo fizarana 3 ireo : fitenenana ny fijaliana, firesahana amin'Andriamanitra, fisaorana Azy.

Azontsika atao vavaka ho an'izao tontolo izao koa izy, ho an'ny famonjena azy : ho avy ny oran'Andriamanitra, ny fitsanganan'i Jesoa tamin'ny maty no efa antoka amin'izany.

Afaka mitazona ny fanantenantsika ity salamo ity sy manamafy orina ny finoantsika ny hatsaram-panahin'Andriamanitra. ■

**Manao ahoana ny fomba hanomezana indray ny  
Fiombonana Eokaristikana an'ireo mpino ?**

**Ny amehana pastoraly lehibe ho an'ny Fiangonana  
ao amin'ny « dingana 2 »**

avy amin'i François-Marie Léthel ocd

Ny 17 aprily lasa teo, andro zoma tao anatin'ny havalooanan'ny Paka dia nanao toriteny manan-danja izay napololoitra avy tao am-pony ny papa François nandritra ny Sorona Masina notarihiny tao amin'ny Sainte Marthe. Lahatsoratra tokony averimberina vakina sy hodinihina izany mba hiatrehana ity « dingana 2 » sarotra amin'ny fialàna amin'ny fihibohana ity sy ny fiverenana tsikelikely sy am-pahamalinana amin'ireo asa sahanina sy fiainam-piangonana.

Raha namakafaka an'ilay tantara ao amin'ny Evanjely momba ny jono feno fahagagana (Jn 21) ny Papa dia notsindriany indrindra ny mahakasika ny fifandraisana am-pahatsorana teo amin'ireo Apostôly sy Jesoa taorian'ny fitsanganany tamin'ny maty, izay iantsoana antsika koa ny fiainana azy :

Izany fifandraisana feno fahatsorana eo amin'ny kristianina sy ny Tompo izany dia fiombonana mandrakariva. Eny, fifandraisana lalina sy akaiky izy, ary manokana, nefo ao anatin'ny fiombonana. Ny fifandraisana am-pahatsorana tsy misy fiombonana, tsy misy ny Mofo, tsy misy ny Fiangonana, tsy misy ny vahoaka, tsy misy ireo sakramenta dia fifandraisana mampidi-doza. Mety ho tonga fifandraisana –atao hoe – miankina amin'ny fahalalàna fotsiny, fifandraisana ho an'ny tena ihany, izay mihataka ny vahoakan'Andriamanitra. Ny fifandraisana am-pahatsorana teo amin'ireo Apostôly sy ny Tompo dia tao anatin'ny fiombonana mandrakariva, niseho matetika teo amin'ny fiaraha-misakafo, izay manamarika fiombonana. Fifandraisana niaraka tamin'ny Sakramenta Ialandava, niaraka tamin'ny Mofo.

Rehefa avy eo dia nanazava ny antony nanindriany bebe kokoa izany hevitra izany izy tamin'ny fitantarana, tamim-panentren-tena lehibe, ny nandraisany ny « fanomezan-tsiny » nataon'ny « eveka mafana fo » iray. Teo am-pamakiana ireo teny nataon'ity Dimbin'i masindahy Piera dia nahatsiaro ilay « fanomezan-tsiny » nataon'i Paoly tamin'i Piera tany Antiôkia aho (Gal 2, 11-14). Tokony vakiana izany lahasoratra izany noho ny fahatsorany izay manohina :

« Milaza izany aho satria nisy olona iray niantso ahy mba handinika akaiky ny loza iainantsika amin'izao fotoana izao, dia ity valan'aretina mahazo ny firenena rehetra ity izay mahatonga antsika hifandray sy hanao komonio, na dia araka ny fomban'ny fiangonana aza, amin'ny alàlan'ireo haino aman-jery, ireo fitaovan-tserasera; na dia manao ny komonio aza isika mandritra izany Sorona Masina izany, dia tsy miaraka ara-batana, fa miaraka ara-panahy. Madinika ny vahoakan'Andriamanitra. Maro anefa ny vahoaka: miaraka isika, kanefa tsy miombona. Ny Sakramenta koa dia toy izany: ankehitriny manana ny Eokaristia ianareo, fa ireo olona rehetra izay mifandray amintsika dia ny fanaovana ny komonio am-panahy ihany no anànanay. Tsy izany anefa no Fiangonana: Fiangonana anatin'ny toe-drahahaha sarotra, izay sitrak'Andriamanitra, fa ny lavorary indrindra ho an'ny Fiangonana dia miaraka amin'ny vahoakan'Andriamanitra sy ireo sakramenta. Ary toy izany mandrakariva.

Talohan'ny Paka, raha niely ny vaovao fa nankalaza ny Paka tsy natrehim-bahoaka tao amin'ny Bazilikan'i Md Piera aho, dia nanoratra tamiko ny eveka iray – eveka mafana fo – ary nanome tsiny ahy izy. « Fa maninona? Malalaka tokoa ny bazilikan'i Md Piera, naninona no tsy mba nampiditra olona 30 farafaharatsiny mba ahitâna vahoaka? Ataoko fa tsy mampidi-doza izany... ». Nandinika aho hoe: « Fa inona ary no ao an-tsainy ka nahatonga azy hilaza izany amiko? ». Tsy tonga saina teo no ho eo aho. Fa amin'ny maha eveka mafana fo azy moa, izay akaiky ny ondriny, dia nahatsapa aho fa nisy zavatra tiany nampitaina tamiko. Dia nanan-kevitra ny hanontany azy aho rehefa mihaona izahay. Fa fantatro taty aoriania ny tiany nambara. Hoy izy tamiko: « Mitandrema mba tsy hihanaka ao amin'ny Fiagonana sy ao amin'ireo sakramenta ary ao amin'ireo vahoakan'Andriamanitra koa ny tsimok'aretina. Ny Fiagonana, ny sakramenta, ny vahoakan'Andriamanitra dia misy sy azo tsapain-tànana. Marina fa amin'izao fotoana izao dia toy izany no afaka ifandraisantsika amin'Andriamanitra, fa kosa mba ahafahana hivoaka ny tonelina fa tsy ny mba hijanonana ao no anton'izany.

---

**” Hampianatra antsika izany fifandraisana am-pahatsorana izany anie ny Tompo, izany fifandraisana Aminy izany, fa kosa ao anatin'ny Fiagonana, miaraka amin'ny Sakramenta, miaraka amin'ny vahoaka masin'Adriamanitra. »**

---



Ary ny fifandraisana niainan'ireo Apostôly no resahina eto : tsy ara-pahalalàna izy, tsy neparitahan'ny tsimok'aretina, tsy tia-tena ho an'ny tsirairay amin'izy ireo, fa kosa fifandraisana azo tsapain-tànana, ao amin'ny vahoaka. Ny fifandraisana amin'Andriamanitra ao amin'ny fiaianana andavanandro, ao amin'ny sakramenta, eo anivon'ny vahoakan'Andriamanitra. Ireto farany ireto dia nahatanteraka lâlam-pahamatorana tao amin'ny fifandraisana amin'Andriamanitra: mianara koa isika hanao toy izany. Vao tany am-boalohany dia efa nahatsapa izy ireo fa ity fifandraisana ity dia miavaka amin'izay noheritreretiny, ary tonga tamin'izao izy ireo. Fantany fa ny Tompo izany, nifampizara ny zava-drehetra izy ireo: ny fiombonana, ny sakramenta, ny Tompo, ny fiadanana, ny fety. Hampianatra antsika izany fifandraisana am-pahatsorana izany anie ny Tompo, izany fifandraisana Aminy izany, fa kosa ao anatin'ny Fiagonana, miaraka amin'ny Sakramenta, miaraka amin'ny vahoaka masin'Adriamanitra. »

Fakan-tahaka tokoa ity fandinhana fanakianan-tena nataon'i François ity ho antsika pretra ary fahazavana ho an'ny Vahoakan'Andriamanitra rehetra, mba tsy hionona amin'ny fandraisana anjara « antsaina » fotsiny amin'ny Sorona Masina izay ampitain'ny haino aman-jery (eny fa na dia ny tambazotran'ny Papa aza), ary ny fitiavana bebe kokoa ny komonio am-panahy mihoatra ny komonio aratsakramenta amin'ny Tena Vatan'i Jesoa. Tsapa koa fa ahiana ny fanamaivanana sy fanambaniana ny Eokaristia, toa manjary tsy ivon'ny fiaianam-piangonana intsony izy, tsy dia manan-danja noho ny Tenin'Andriamanitra; ahiana ny mety hahalevona ny Fisiana Marina ao amin'ireo endrika sasany anehoana ny fisian'ny Tompo (ao amin'ny fivoriana sy ao amin'ny Tenin'Andriamanitra).

Ao amin'ny fiombonana eklezialy ary ao anatin'ny fifanakalozana marina sy mivelatra eo amin'ireo eveka, pretra ary lahika dia tokony tadiavina sy karohina ary koa foronina mihintsy aza izay lèlana rehetra azo neverina mba hanomezana an'i Jesoa Eokaristia ny rehetra, ivelan'ny fankalazana ny Sorona Masina sy ireo toeram-pivavahana, toy ny fanao ho an'ny marary. Satria amin'izao fotoana izao dia ny lahika rehetra no marary, mijaly ary ho fatin'ny hanoanan'ny Mofo eokaristika.



Marina fa tsy maintsy hajaina avokoa ireo fepetra ara-pahasalamana izay napetrak'ireo fitondram-panjakana satria mbola tsy mitsahatra ny fihanak'ity valan'aretina mahakasika ny firenena rehetra ity, izany dia hametra tokoa ny isan'ireo mpanatrika Sorona Masina, ary mety mandritra ny fotoana maharitra aza.

Amin'izay dia afaka omena alàlana tsara ireo pretra mba hankalaza ny Eokaristia Masina any antokantranon'ireo kristianina, mba hanatonana ireo fianakaviana, miaraka amin'ny fahazoan-dàlana hametraka ny Eokaristia ao amin'ireny trano azo itokisana ireny; tsarovana ihany fa tany aloha dia nahazo izany alàlana manokana ho trano fivavahana izany ireo fianakaviana kristianina. Araka izany ireo fianakaviana ireo sy izay mpifanila-trano aminy dia afaka miara-miaina ny fitsaohana ny Sakramenta Masina, ny fankalazana ny Tenin'Andriamanitra ary ny Komonio.

Tokony haneho fiombonana mandrakariva isika amin'ny fanehoam-pitiavana ny tsirairay amin'ireo vahoakan'Andriamanitra ka sorohana amin'izany ny fanakianana sy fiadian-kevitra tsy mari-pototra ary katsahina lalandava kosa ny fifampiresahana. ■

**« Mba handroso mankany  
amin'i Kristy »**

avy amin'i Nivo RAKOTOMANGA,  
Andraisoro, Madagasikara.



Dia nahalala ny Fikambanana « Association Marie Reine des Cœurs AMRC » aho tamin'ny alalan'ireo Misionera Montfortana, nandritra ny fandalovako tany Roma ny Janoary 2019, nandritra ny Fivahinianana Masina nataoko mialohan'ny nandratoako fianarana tany Turin. I Frère Désiré, ao amin'ny Fikambanana Montfortana, izay mpiara-mianatra tamiko fahiny tany amin'ny Sekoly ambaratonga faharoa no nanasa ahy mba hamangy azy ireo tao amin'ny Trano foibe « Maison Mère » tao Roma. Ary tao no nanazava tamiko i Mompera Arnold ny amin'ny fisian'ny Fikambanana. Talohan'ny niaingako ho any Turin dia nomeny ahy ny adiresy mailaka an'ireo Mpikambana vitsivitsy aty Madagasikara sy ny boky anankiroa mikasika ny fiainan'i Mompera avy any Montfort.

Tsapako avy hatrany ho voasarik'ity Fikambanana ity aho, tsy fantatro hoe ahoana. Nefa aho dia nanana fifandraisana tamina Fikambanan-dRelijozy maro hafa ...nieritreritra aho fa mety ho nohon'ny hatsaram-panahiny amiko angamba. Saingy ankehitriny, resy lahatra aho fa ny fandraisana ahy tato amin'ny AMRC ny 08 Marsa 2020 dia tsy zavatra hafa fa tena antson'Andriamanitra. Izy Andriamanitra no miantso ahy. Resy lahatra ny amin'izany aho satria rehefa nampahafantarina anay ny tantaram-piaianan'i Mompera avy any Montfort nandritra ny fiomanana ho amin'ny Fanokanan-tena, dia teo no nahafantaroko fa hay izy efa nipetraka tany Poitier, La Rochelle, Paris,... Ireo izay tanàna notsidihako tany Europa, nandritra ny iraka voalohany nataoko tany ivelany tamin'ny taona 2015. Tamin'ny fijerena ireo horonan-tsary mihetsika nasehon'I Frère Victor anay, dia hitako ny Fianganan'I Mompera avy any Montfort izay nivavahako ihany koa tamin'izaho tany.

Mampivelatra ahy ny fidirako tato amin'ity Fikambanana ity, tsy amin'ny lafiny ara-panahy ihany fa amin'ny seha-piaianana manontolo mihitsy.



Taloha, rehefa mivavaka aho, tsy dia tena nahazo antoka loatra. Tsapako banga ny ao anatiko, tsy voafehy... Fantatro fa misy Andriamanitra saingy tsy tena haiko hoe ahoana no firesaka Aminy. Saingy noho ny fahafantaroko ny fanomezam-pahasoavana sy ireo aim-panahin'i Mompera avy any Montfort, ny fitiavany sy fanajany an'i Masina Maria izay lèlana ahatongavana amin'I Jesoa, ao amin'ny Fanahy Masina, dia nahatsapa filaminana be be kokoa aho. Matoky aho fa rehefa mivavaka, toy ny fomba nataon'i Mompera avy any Montfort ary ampianariny antsika amin'ny alalan'ireo asasorany, dia miaino antsika Andriamanitra ary novaliany avokoa ny vavaka nataoko.

Teo aloha dia indraindray ihany aho no manao ny Raozery, fa nanomboka tamin'ny fotoana fiomanana ny amin'ny handraisana ahy tato amin'ny Fikambanana, dia tsy tapaka ny fanaovako ity vavaka ity, ataoko isan'andro, noho ny fampianarana hazoko fa "i Maria no lèlana fohy indrindra ahatongavana amin'I Jesoa Kristy", ary matoky an'izany aho.

Ankehitriny ihany koa, dia fantatro fa ny Fahendrena marina sy tena izy, araka ny fampianaran'I Mompera avy any Montfort, dia ny Fahendrena araka ny sitrapon'Andriamanitra, samihafa amin'ny fahendrena sandoka izay fahendren'olombelona, ara-materialy, izay fitaovana mety ho avy amin'ny demony ihany koa aza ka ilaina fitandremana.




Ny raiko, ny reniko ary ny zanako lahimatoa Tsiony

Tsapako eo amin'ny fiainako ihany koa ankehitriny fa tsy lavitra ahy I Kristy, eo amiko mandrakariva Izy. Na amin'ny vanim-potoana mahafinaritra na amin'ny andro sarotra dia mitodika Aminy mandrakariva aho. Misaotra Azy aho ankehitriny satria teo hatrany Izy hattrizay na dia maro aza ireo sakatsakana teo amin'ny fiainana, teo amin'ny lafiny arak'asaindrindra indrindra ary matoky aho fa mbola hotantanany hatrany.

Amin'ny finoana an'i Jesoa Kristy, iainako sy tsapako ny herin'ny fanelanelanana ataon'I Maria izay manampy ahy ho iray tanteraka amin'I Jesoa, amin'ny alalany sy miaraka aminy, miaraka amin'Izy Tompo ao amin'ny Fanahy Masina.

Eto am-pamaranana, azo lazaina fa "kely" ny Fikambananay AMRC Andraisoro izay misy ahy, satria raha amin'ny lafin'ny isa fotsiny no jerena, roapoloo isa eo fotsiny izahay, vitsy tokoa raha mitaha amin'ireo any amin'ny firenen-kafa, nefo araka ny fangatahana nataon'I Mompera avy any Montfort tamin'Andriamanitra, dia ny mba hanomezany "Fikambana kely hamony an'izao tontolo izao", noho izany dia tiako ary raisiko ho rehareha ny mampikambana ahy ato amin'ny AMRC mba ahafahako manatanteraka ireo iraka izay nankinin'Andriamanitra amintsika araka ny fanirian'I Mompera avy any Montfort. Hiezaka ho mendrika an'io iraka io aho ary mangataka ny Fanahy Masina mba hanilo ahy. Misaotra an'ireo Mpikambana rehetra efa tato amin'ny AMRC aho izay manampy ahy amin'ny alalan'ireo ohatra velona ataon'izy ireo ka mamporisika ahy hiroso hatrany amin'ny fanarahana an'I Kristy. Ary mankasitraka indrindra ihany koa an'ireo Relijiozy: ireo Frera sy Pretra izay mizara ny fahalalany sy ny traik'efany aminay, ny toe-pianan'I Mompera avy any Montfort ka ahafahan'ny rehetra mizotra mankany amin'I Kristy.■



"Mampivelatra ahy ny fidirako tato amin'ity Fikambana ity, tsy amin'ny lafiny ara-panahy ihany fa amin'ny seha-piaianana manontolo mihitsy.

## Tononkira 21

# Ny afon'ny zotom-po

17e cantique 26 couplets

1.

Mihirà avokoa ary areheto ny afo  
Ny zotom-po ho an'ny famonjena ny fanahy.  
Io no vokatry ny fitiavan'Andriamanitra,  
Izay tsy afa- mijaly raha tsy voatevateva  
Andriamanitray, Tomponay  
Na hanafika ny namana aza  
Hodinihantsika ny hatsarany.

2.


Md Misely, feno zotom-po,  
Namely an'l Losifera ilay mpamadika,  
Nandatsaka azy avy any an-danitra tanaty afo.  
Mba handraisana anjara amin'ny fandreseny,  
Manana koa ny zotom-pony,  
Ataovy ny hiaka toa azy any an-danitra:  
Fandresena ho an'ny Andriamanitra, fandresena sy  
voninahitra

3.

Toy inona ny hasambaran'Andriamanitra Raintsika  
Nohon'ny zotom-pony, miara miasa aminy isika  
Ho famonjena an'ireo mpanota mahantitra!  
Mba hahazo ny ivon'ny hamoran-panahiny,  
Mba hanome haja Azy indrindra,  
Ary Izy tena tia tsy misy fetra  
Ny mpanota rehetra, atosiky ny fitiavany tsy voafetra.

4.

Manao fety maro ireo anjely  
Ny zotom-pony anie no entiny mandresy  
Fa hafaliana toy inona ho an'ny mpamonjy!  
Hitany eo ny rany miboiboka,  
Hitany indray ilay zaza very,  
Ny vidin'ny rany latsaka.  
Ny fiverenany anie hanome voninahitra Azy!





5.

Teny iray avy amin'ny zotom-po izay mitondra  
Matetika manokatra varavarana  
Sy manohana ireo mafy fo  
Fo voakasika amin'ny fombany mafina  
Lasa feno fanenenana tampoka;  
Midina avy hatrany ny Fanahy Masina,  
Ary mandrakizay ny fiadanana

6.

Ny Zotom-po manan-tsaina  
Tsy voavidy vola anie ny namana;  
Saingy iza no mahalala ny sandany?  
Andriamanitra ireny no mahalala ny vidiny;  
Tempoly ny Fanahy Masina izy,  
Vidin'ny rà i Jesoa Kristy,  
Tena zanak'Andriamanitra.

7.

Ahoana ary? ry fanahy tsy mety maty,  
Tena manan-kaja, lehibe sy tsara tarehy,  
Ho faty nohon'ny fahotana?  
Voahitsakitsaka ny momba 'Andriamanitra  
Ary tsy misy miasa loha akory,  
Na olona iray aza tsy miraharaha?  
Fa jamba, mahantra tanteraka!

8.

Mba firifiry ireto rahalahy mahantra  
Maty noho tsy fisian'ny fahazavana  
Na noho ny kilemany manokana!  
Tena mila izy zotom-po marina  
Hanoro azy ny marina ,  
Hanalà azy ireo noho ny fitiavana  
Ny toetrany tena mahonena

9.

Oh ! Ireto mpanota noho ny haratsiany  
Hianjera anaty hatsana lalina,  
Raha tsy ampiana amin-kery!  
Raha tsy tapahina ny fatorana ratsy  
Izay mamatotra azy ireo,  
Mba hahavery azy mandrakizay.  
Vonjeo izy ireo , ry fanahy mahatoky.

10.

Sintony hiala amin'ny fanandevalozana izy  
Amin'ny zotom-po malina sy hendry,  
Ampio am-pitiavana izy.  
Amin'ny fanomezana azy ny fiantrana masina,  
Amin'ny fanalana azy avy ao amin'ny helo,  
Amin'ny fampandresena azy amin'ny farany  
Sy manome azy seza fiandrianana any an-danitra

11.

Raha ny zotom-po dia tena ilaina,  
Ary tena mahavonjy tokoa  
Ho an'ireo manana azy marina;  
Ho an'ireo maimay fo, fahasoavana tsy lanilaniana,  
Tena harena lehibe ny mpamonjy,  
Tena afo miredareda ny hafanan-po,  
Fanomezana tena lehibe ny fahadiovan-po.

12.

Ny fiatrana tena lehibe, Ny vavaka tena feno hafanan-po  
Ary ny tena fitsitsiana,  
Amin'ireo ny zotom-po no tena mihoatra;  
Tsy misy lehibe , tsy misy masina loatra  
Ny vavaka tena feno hafanan-po Ary ny tena fitsitsiana,  
Amin'ireo ny zotom-po no tena mihoatra;  
Tsy misy lehibe , tsy misy masina loatra  
Noho izay mampibebaka ny namany,  
Satria ny fitiavana madio no mitondra antsika.

13.

Ny zotom-po mampahazo toky  
Sy manarona ny tsy fananan-tsiny  
Ny fahotana, na maro toy inona aza  
Ny fiantrana dia atao am-pitiavana,  
Andriamanitra dia fitiavana sy hatsaran-panahy  
Ao anaty fo feno zoto sy hafanana,  
Ary amboarin'Andriamanitra sahala izy rehetra.

14.

Amin'ny fahafatesana, ny tsara indrindra,  
Dia ny fahatesan'ny olona feno zotom-po.  
Eny ! Maty feno hafaliana sy haravoana!  
Ny fiatrana mahatonga ny antony tsara;  
Ny mpanota izay nampibebahany  
Eo amin'ny fitsarana hiandany aminy  
Handoa ho azy , ary nanome satro-boninahitra ho azy.





15.

Ny hasambarany tsy misy sahala,  
Ny fehilohany tsy manan-tsahala.  
Voninahitra toy inona ny an'ny mpitory teny!  
Eny an-danitra izy ireo kintana mamiratra  
Ary masoandro mamirapiratra,  
Mandritra ny tsy mana-petra,  
Anaty famirapiratana tsara loatra.

16.

Henoy Moizy miantso  
Mba hanala aminy ny bokin'ny fiainana  
Ho an'ireo mpanota fadiranovana.  
Ilay Md Paoly lehibe naniry ho azon-tsiny  
Ho an'ireo rahalahiny ara-nofo,  
Mba hiarovana azy ireo tsy ho any amin'ny afo.  
O ry zotom-po mavaivay, tena fitiavana!

17.

Ny tsy tena zotom-po dia azo-tsiny foana  
Raha tiana ho tena izy sy marina  
Mila mihoatra ny natoraly;  
Tsy maintsy nianatra tamin'ny modely  
Dia ny zotom-po i Jesoa Kristy,  
Noforonina tao amin'ny Fanahy maha Andriamanitra,  
Raha tsy izay dia zotom-po sandoka .

18.

Tokony ho tsy misy ngidy ,  
Avy amin'ny fo ny fitiavana no tsy mihidy,  
Raha tsy hentitra sy toy ny fitiavan-dray,  
Sahala amin'ny ilay avy amin'Andriamanitra tena  
Raitsika  
Na toy ny an'ilay Tompontsika  
Izay mampibebaka ny mpanota  
Tsy misy ngidy na hatezerana.

19.

Alao tahaka ny ohatra tsy fahita  
Ity Tompo tsara faka tahaka  
Toy ny reny akoho miahy ny zanany  
Izay andro aman'alina manafina azy ambany elany,  
Miantso azy amin'ny feo malefaka,  
Mamahana azy am-pitiavana,  
Sady tsy manala ireo mpikomy.

20.

Na zaza mpandany fahasoavany :  
Raha miverina izy ,ny fitiavany manoroka azy  
Miaraka ny fitaterana avy amin'Andriamanitra  
Raha ondry iray mando ny valan'ondry :  
Raha hitany ao aorinan'ny fahoriany,  
Entiny tsy misy tsiny  
Ho entiny am-bala, ho any amin'ny fiainana

21.

Ny tena zotom-po dia feno fandraharana  
Mba ho fakan-tahaka tsy misy doka  
Ny famonjena sy fitiavan'Andriamanitra,  
Ary ny mpanota sy ny madinika  
Manan-bidy eo imasonry ,  
Izay no mahatonga azy ho mendrika indrindra.  
22.

Ny tena zotom-po feno fahendrena,  
Ny fahatsorana sy hafalian-po  
Mba hahazoana ny fo ny namana.  
Tsy manao zavatra ho tombony ho azy,  
Andriamanitra irery no antony tonga lafatra  
Izay lazainy sy izay ataony .  
Andriamanitra irery , Andriamanitra ireny tsy  
misy hafa.

23.

Ny tena zotom-po feno fanantenana  
Ao amin'ny fitantanan'Andriamanitra,  
Eo am-pofoan'ilay Ray latsa-pitia  
Tsy nitoky tamin'ny heriny sy fahaizany  
Ary ny olona tsy misy hafa aminy,  
Andriamanitra no hany iantehlerany;  
Ao amin'izay no fahendreny.

24.

Ao aminizy rehetra izy tsy hay resena,  
Faly lalandava sy maharitra hatrany,  
Tsy misy mahafaty ny afony;  
Ny renirano mandalo sy mandavo  
izay rehetra manohitra ny lalany.  
Miteny izy, mandresy hatrany  
Tsy misy afaka manohitra azy.

25.

Na afobe , na ny tany tontolo  
Tsy maharesy azy na an'ady:  
Ny zotom-po lehibe noho ny fahafatesana.  
Tsy matahotra herin'olombelona izy,  
Andriamanitra no atahorany, ny fahotana,  
Fa ny ambiny, tsy nokasihany,  
Manoloana Andriamanitra, dia bitika.

26.

Noraisingy tamin'izay kinasany  
Ny fankatoavana nataony ho filamatra;  
Izay mampavitrika sy mampatanjaka azy  
Na inona atao azy,  
Manana voninahitra sy laza izy;  
Na tsy misy miova na iray aza,  
Na izy irery no ao amin'ny antoko aza  
Raha mankato izy, mahazo fandresena. ■

**” Ny tena zotom-po dia feno fandraharana...  
Ny tena zotom-po feno fahendrena...  
Ny tena zotom-po feno fanantenana... ”**





Bulletin Mensuel de Formation et d'Information



<http://www.montfortian.info/amqah/>

## MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

Tél (+39) 06-30.50.203 ; Fax  
(+39) 06 30.11.908  
Viale dei Monfortani, 65,  
00135, Rome – ITALIE  
E-mail: [rcordium@gmail.com](mailto:rcordium@gmail.com)